

TORITENY - ALAHADY faha-22 TSOTRA - TAONA D



*Izay manandra-tena no haetry,
ary izay manetry tena no hasandratra.*

Ry Kristianina havana, manomboka volana vaovao isika. Izao volana septambra izao no hanombohantsika ny hamakivakiansika ny taonan'ny misiona izany hoe isika vita batemy dia misionera ka faly miarahaba antsika miditra amin'ny volana vaovao hanohizantsika ny fandalinam-pinoana amin'izao Alahady faha-22 mandavantaona izao. Herinandro ao anatin'ny hasivian'andro hiomantsika akaiky amin'ny fahtongavan'i Papa. Misioneran'ny Fanantenana sy Fiadanana.

Vakiteny I : Ekl. 3, 17-19. 26-27

Salamo : Sal. 39

Vakiteny II : Heb. 12, 18-19. 22-24a

Evanjely : Lk. 14, 1. 7-14

Raha tamin'ny Alahady lasa teo isika nibanjina ny hoe “isika dia antsoin'Andriamanitra dieny ety an-tany ho fianakaviana iray aminy manomana sahadry koa ny maha-olo araiky antsika ao Aminy any an-danitra ka tsy misy avakavaka izany fa ny

tadiavin'Andriamanitra dia isika hivelona sahadry ety an-tany ny maha zanak'Andriamanitra antsika araky ny nampianarin'i Kristy.

Amin'izao Alahady faha-22 mandavantaona dia antitranterin'ny vakiteny fa indrindra ny fampianaran'i Kristy ao amin'ny Evanjely, toetra roa lehibe izay tsy azo ho sarahina, azo lazaina fa toetra mampihavaka ny mpanara-dia an'i Kristy tokoa no ambarany androany dia ny fanentrentena sy ny fahalemem-panahy. Toetra anankiray ihany anefa satria ny olona malemy fanahy tsy maintsy manetry tena ary ny manetry tena tsy maintsy malemy fanahy. Toetran'ny mpanara-dia an'i Kristy, toetran'ny Kristianina mpiara-belona amin'olona. Ireo no masosivana fototra amin'ny maha-Kristianina antsika. Fantatsika fa i Kristy araka ny voalazan'i Md Paoly (Jereo Fil 4) manana ny toetra maha zanak'Andriamanitra azy i Kristy fa nataony tsinontsinona izany fa nietry tena ho farany ambany izy izay tsy nanota dia nanaiky ho fahotana ho famonjena antsika. Toetra mampihavaka ny mpanara-dia an'i Kristy izany ary io no banjinintsika raha mibanjina ny fijalian'i Kristy isika ary indrindra raha mibanjina ny Fon'i Jesoa.

Averintsika matetika ny vavaka " Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po ataovy manahaka anao ny Fonay", io no lazain'i Jesoa rahateo.

« Mianara amiko fa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po aho dia hahita fiadanana ho an'ny fanahinareo ianareo ».

Ry Kristianina, toetra fototra hidirantsika amin'ny fanjakan'Andriamanitra izany ary toetra hanorenantsika ny fanjakan'Andriamanitra, toetra fototra amin'ny maha Eglizy Olona Velona antsika ary toetra fototra tsy maintsy torintsika amin'ny maha misionera antsika. Ny misionera izany dia manana ny fanentrentena sy fahalemem-panahy.

Ny manetry tena araky ny vakiteny voalohany bokin'i Siraka dia manolotra mazava fa ny halem-panahy sy fanentrentena dia ilaina tokoa. Indrisy toa tsy misy intsony izany amin'izao andro iainantsika izao, ny mipoerapoera, ny fitadiavana voninahitra, ny fitadiavana toerana voalohany, fitadiavana seza, io no manjaka ka aza gaga isika raha mifanilikilika sy mifanapotika. Ny fanabeazana hoy ny bokin'ny Siraka Eklesiastika dia aoka hanabe ny zanantsika ao anatin'ny fanentrentena sy halemem-panahy. Mamerimberina matetika isika fa tsy manana modely intsony ny tanora, ny modely misy fa ny modely hitondra amin'ny fanorenana ny fiainana no tsy misy nefa tsy afaka hanorina fiainana isika raha tsy ao anatin'ny fanentrentena sy fahalemem-panahy. Hoy indrindra ny Eveka tamin'ny hafany farany manomana antsika amin'ny fahatongavan'i Papa : "Tsy manana modely intsony ny tanora ka voatarika amin'ny rendrarendran'izao tontolo izao. Mivarivalo amin'ny zava-mahamadomelina...". Raha poerapoera sy fitadiavam-boninahitra no iezahana dia lavitra ny tena fahendrena isika izany hoe ny hevitr'izao tontolo izao no ataontsika ka ny herisetra sy fanapotehana no manjaka.

Amin'izao famangian'ny Papa antsika, afaka herinandro dia ho tonga ilay mpamafy fanantenana sy fiadanana, ho hitantsika fa modely ho antsika izy amin'ny fivelomana ny fanentrentena sy fahalemem-panahy. Hitantsika raha manaraka isika amin'ny gazety na televiziona ny fampianarana ataony. Izy no modely ho an'ny misionera. Mampiditra antsika sahadry amin'ny volana manokana ho an'ny misiona amin'ny volana oktobra, ny toetra fototra ho an'ny misionera sy ny mpanara-dia an'i Kristy rehetra dia ny fanentrentena sy fahalem-panahy. Fototra ny fanabeazana izany, matoa tsizarizary ny fanabeazana eto amintsika dia satria tsy mifototra amin'ny halemem-panahy sy fanentrentena.

Manamafy koa i Jesoa amin'ny Evanjely, izay manandranta haetry, izay manetry tena hasandratra ary misy ohatra omeny, aleo ampakarina amin'ny toeranao, asao ny mahantra, ny kilemaina sy ny jamba, raha manasa olona hisakafo antoandro na hariva aza dia ny sakaizanao na ny rahalahinao na ny mpanankarena fandrao hasain'ireo ianao ka ho voavaly ny nataonao taminy, fa raha manao fanasana ianao dia asao ny kilemaina, ny jamba ny mahantra dia ho sambatra ianao satria tsy hahavaly anao izy fa amin'ny fitsarana farany ho voavonjy ianao.

Tian'i Jesoa ambara fa ny olona mahay manetry tena sy malemy fanahy dia maneho fitiavana maimaim-poana, tsy misy takalo, mikatsaka mandrakariva ny marina izany no tadiaviana ho hisy amin'izao androntsika izao.

Raha milaza ny Eglizy fa mila mandinika ny misiona isika dia izany no iraka andrasana amintsika ka hahatonga antsika tokoa ao anatin'ilay fanekem-pihavanana voalazan'ny vakiteny faharoa ny taratasy ho an'i Hebrio « fa ny tia fihavana dia ao amin'i Jesoa satria izy ireo miaina ny tena fanentrentena sy fahalemem-panahy » ka io no banjinintsika feno tanteraka ao amin'i Jesoa, izany no fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra sy ataontsika ezaka hametraka an'izany ,

dia tsy inona fa ny fanorenana ny tontolo iainana, ny fikolokoloana ny zava-boaary satria io no mamelona antsika ka hahatonga antsika hanana fivelarana marina, ny tontolom-piainantsika izay hahitana ny maha-olona antsika dia ny olona manontolo sy ny olon-drehetra ka rehefa tanterka izany dia mampivelatra ihany koa ny tontolom-pinoana izay hivelaran'ny maha zanak'Andriamnaitra antsika. Mandinika an'izany rehetra izany isika amin'izao fidirantsika amin'ny volana septambra izay homanantsika akaiky dia akaiky ny famangian'ny Papa mpamafy finoana, fanantenana, fiadanana. Dia isika ihany koa nandray ny hafatr'i Kristy, nandray ny fanahy masina isika, vita batemy isika ka hirahina koa isika ho mpamafy fiadanana, ho mpamafy fanantenana amin'izao andro izay fantatsika fa ny herisetra sy ny fanilikilihina no matetika hita ka mahatonga fahabibiana amin'ny olona maro.

Ry Jesoa Tompo ô, fanentrentena sy fahalemem-panahy no amabaranao aminay androany, ary tsy vitan'ny nambaranao fa niainanao satria tsymanao kobaka ambava ianao, nasehonao tamin'ny fiainanao manontolo izany, fanentrentena sy fahalemem-panahy ianao ka ampianaro izahay, sofaky ny fonay mba ho tahaka anao tokoa izahay, hanana fahalemem-panahy sy fanentren-tena ka hizotra ankitsimpo sy fahamarinana tokoa ka hiaraka amin'ny Papa Fransoa ho mpamafy fiadanana sy fanentrentena, ampianaro izahay tsy ho fakana voninahitra na toerana, tsy hitady fahefana fa enga anie izahay ho vonona hanompo tokoa, hanompo ny madinika indindra, hikatsaka ny soa ho an'ny hafa fa indrindra ireo izay voahilikiliky ny fiaraha-monina, amin'izay izahay ho misioneranao, hanambara ny famindram-ponao, ny fitiavanao ary hahay hifamela heloka izahay ka hanorina an'izany fanjakanao izany eto anivon'ny fiainanay andavanandro. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson